TATITRA DINGANA FAHATELO
Kaominina ambanivohitra Ankazoabo atsimo
Daty: 17 Novambra 2012

FANONTANIANA:

1°) Tsara ny fanofanana nampanaovin'ny Gender Links mikasika ny miralenta, nefa izahay tsy afaka hanentana ny rehetra ato anatin'ny kaominina raha tsy misy tohana ara-bola. Afaka manampy ve ny Gender Links sy ny PNUD?

2°) Misy vehivavy vonona hilatsaka kandidà eto aminay, fa ny olana dia ny ho enti-manana ara-bola no tsy ho ampy na hilatsaka amin'ny anaran'ny antoko izahay.

Vonona ve ny Gender Links sy ny PNUD hanohana na ara-bola na ara-pitaovana?

3°) Maninona raha hatao hoe herinandron'ny fahasalaman'ny fianakaviana ny fankalazana ny herinandron'ny reny sy ny zaza, mba handraisan'ny lehilahy an-tànana ny andraikitra koa ny momba ny fianakaviany?

4°) Ho tratra ve ny tanjona 50%/50%, raha mbola izao fomba fisainan'ny fiaraha-monina izao no mbola mahazo vahana?

VALINY:

1°) Izao fanofanana atao izao dia efa dingana lehibe entin'ny Gender Links hanohanana ara-bola anareo na tsy mivantana aza izany. Fa isika izay voaofana no nametrahana andraikitra hanaparitaka ny fahalalàna mikasika ny miralenta eny anivon'ny fiaraha-monina. Tsy nanatrika ny fiofanana ny mpametraka fanontaniana, fa nandritra ny fiofanana dia noresahina ny teknika sy paik'ady entina mampiely ny ady amin'ny herisetra. Ohatra: resadresaka olondroa na telo eny an-tsaha na eny amin'ny Birao, fandraisana fitenenana fohy rehefa misy ny fivoriam-pokonolona, ary ny fangatahana hiditra amin'ny fandaharan'ny haino aman-jery misy eto an-tanàna.

Ny kaomininareo koa dia mpiara-miombon'antoka taminy sy ny ho amin'ny fanohanana izay mety ho vitany, satria nofidiana ny kaomininareo ho Kaominina Mendrika.

2°) Fanomezana fahalalàna sy fanairana ny vehivavy izao dingana nataon'ny Gender Links sy ny PNUD izao. Fa tokony hisy koa ny faharesen-dahatry ny antoko politika hanohana vehivavy ho kandidà ka hanampy betsaka azy amin'ny lafiny ara-bola sy ara-pitaovana.

Nefa raha hitan'ny roa tonta ve fa tena ilaina ny fanohanany dia izy ireo no tompon-teny farany amin'izay hataony.

Fa ny tena tsara, dia ny fiomanana amin'ny alalan'ny fanaovana hetsika sosialy ny fanadiovana tsikelikely ny fahavononana handray andraikitra sy hitondra fiovana eo amin'ny fiaraha-monina, dia efa mampihena ny vola mety ho laniana sady tsy fidim-bola foana akory ny safidy fa misy ny tena fitiavana .

3°) Tsara ny sosokevitra, fa ho ampitaina amin'ny tompon'andraikitra satria io"herinandron'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza" io dia efa manala sahady ny lehilahy ka mahatonga azy ireo tsy hita taratra ka manamafy ny tsy firaharahana y miralenta. Raha misy angamba dia 1,5% ny lehilahy no mba mandray anjara amin'ny fitondrana ny zanany hiatrika ny mpanentana ara-pahasalamana ny mpiasan'ny fahasalamana.

4°) Na tsy ho tratra ny tanjona 50/50 dia farafaharatsiny miakatra io taha ambany dia ambany fandraisana anjara'ny vehivavy amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra io.

Ho tratra ny tanjona raha misiki-ponitra isika rehetra, nifanome Tanana, tsy hanilika avy hatrany ny vehivavy fotsiny fa mba hijery azy ireo kosa ny amin'ny mety ho zava-bitany sy ny faharesen-dahatr'izy tenany hilatsaka ho fidiana.

Ho tratra io tanjona io rehefa mahalala sy resy lahatra ny vehivavy rehetra fa efa toetra voajanahary ao anatiny ny fitantanana izay nahatonga ny teny Malagasy hoe: Ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara. Fa ny fanohanana sy ny fanovana ny toe-tsain'ny lehilahy no anjarantsika no manova azy ary mba ho sahy ny vehivavy.

MPANDRAY ANJARA:

- Lefitry ny Distrika
- Ny Ben'ny Tanàna sy ny Lefiny, ny Sekretera Jeneraly
- Mpiasan'ny kaominina
- V.M.L.F
- Mpivarotra
- Tantsaha
- Mpiasan'ny Radio FM
- Sefo fokontany
- Mpampianatra
- Fikambanan'ny vadin'ny zandary sy miaramila
- Mpanolotsain'ny kaominina